# MASINA MARIA RENIN'ANDRIAMANITRA -TAONA B 2023



**ARAHABA RY FENO HASOAVANA**

Ry Kristianina havana, amin'izao andro voalohany amin'ny taona vaovao 2024 izao dia mifampiarahaba isika no mifanolotra firarian-tsoa mba ho ny tsodranon'Andriamanitra sy ny fahasoavan'Andriamanitra no hanenika ny fiainantsika manontolo ka na dia eo aza ny zava-manahirana mety hitranga dia ho afaka hamakivaky ny taona isika noho ny fitahian'ny Tompo fa indrindra taona manana AKONY MANOKANA HO ANTSIKA ETO AMIN'NY DIOSEZY TAONAN'NY KONGRESY EOKARISTIKA NASIONAL KEN 2024. Ny teny fanevan'ny kongresy : FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO ANAREO JIABY " no entintsika manorina an'izao taom-baovao izao ka hitoetra ao amin'Andriamanitra tokoa isika….

Marina maro ny zavatra nanahirana antsika. Tena anatin'ny krizy isika. Mino sy matoky fa tokana ny faniriantsika, ny fanirian'ny tsirairay dia ny mba ho tena TAOM-BAOVAO amin'ny lafiny rehetra ity taona 2024 ity. Izany no mahatonga antsika nametraka ho ny teny fanevantsika eto amin'ny diosezy amin'ny taom-pikatrohana vaovao : "DEPART VAOVAO FIAINGANA VAOVAO VOKATRY NY FIOVAM-PENITRA MAHERY VAIKA CHANGEMENT RADICAL". Mila fibebahana tokoa mba ho hisy ny fiovana. Mitaky safidy hoy isika na ho rendrika satria manaiky ny rafitry lò entin'izao tontolo izao ka niteraka izao krizy izao : ka niteraka korontana eo amin'ny fifandraisana amin'ny zava-boary ka mikorontana tanteraka ny toetrandro, korontana ny fiainana andavanandro satria ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona no manjaka ka herisetra, fanolanana, ady… no zary fiainana… Ny fianakaviana no mitondra faisana voalohany amin'izany, korontana tanteraka ny fifandraisana amin'Andriamanitra ka tena potika ny tontolom-pinoana. Tsy hita intsony Andriamanitra. Aza gaga isika, hoy ny Papa, raha rendrika noho izany korontana marobe izany. Raha misafidy an'I Kristy kosa dia tafita manorina sy mamboly "tontolo mikolokoloko" indray ny fifandraisana " culture des soins" hoy ny Papa. Izany hoe samy miezaka manarina ny fikolokoloana manomboka amin'ny zava-boary. Izany no ataontsika amin'izao sinaody faha-7 izao ary napetratsika mazava ny fanamby tamin'ny fijanonana faha-2. Miditra amin'ny fijanonana faha-3 ary mifanojo amin'ny Kongresy eokaristika ka aoka hahay hanararaotra

> Vakiteny I : **Fanisana 6,22-27**
> Tononkira : **Sal. 66**
> Vakiteny II : **Gal 4, 4-7**
> Evanjely : **Lk. 2, 16-21**

isika. Raha misy faniriana sy tsodrano amin'izao fanombohan'ny taona izao dia ny hirosoantsika lalindalina kokoa mivelona ny TENY FANEVAN'NY SINAODY SY KONGRESY : "FIHAVANANA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO ANAREO JIABY …. KA FAKA MIFAMPITSIMBINA SY MIFANASOA MIKAJY NY SOA IOMBONANA….Tanteraka izany raha mampandroso an'I Jesoa ao an-tranontsika isika, ao am-pontsika…. Raha ao Aminy ny fiainantsika dia hamokatra be isika. Izany no mahatonga ny Eglizy mampirisika antsika hibanjina manokana an'i Masina Maria amin'izao andro voalohan'ny taona izao sady araky ny hafatry ny Papa dia hivavaka manokana ho an'ny fandriam-pahalemana sy ny fiadanana koa isika. Masina Maria no renin'i Kristy izay Fiadanana, Fihavanana ka izany no maha-mpanjakavavin'ny fiadanana an'I Masina, maha Reny Mpampihavana azy satria ao aminy i Kristy. Izay misy an'i Kristy dia feno fiadanana ka aoka hitoetra ao amin'i Kristy isika. Mila fikolokoloana tokoa io. Tsy tanteraka izany raha tsy misafidy an'I Kristy isika. Mila misafidy an'I Kristy isika amin'izao voalohan'ny taona izao dia hiara-dalana Aminy miaraka amin'i Masina Maria Reniny sy Md Josefa Ray Mpitaiza azy.

Araka ny fantatsika dia maro tokoa ny zavatra robaka, simba fa indrindra ny fianakaviana. Anisan'izany ny vôkasion'ny mahaRay, mahaBaba. Raha mitoetra amin'I Kristy amin'izao fanombohan'ny taona izao dia hivahatra bebe kokoa amin'ny fiainana maha-zanak'Andriamanitra. Sady manolotra ny firarian-tsoa mitafotafo no mirary mba hirotsaka amintsika tokoa anie izany fiadanana izany ary i Masina Maria anie hivavaka ho antsika. Md Josefa Ray Mpiaro an'izao tontolo izao hivavaka ho antsika fa indrindra ny Ray rehetra. I Masina Maria sy Md Josefa dia nentanin'ny Fanahy Masina ka enga anie isika hanaiky hoentanin'ny Fanahy Masina koa mba ho ao amintsika ilay Fanahy hanoro làlana antsika ka tsy hatahotra isika tahaka ny nolazain'ny Arkanjely tamin'i Maria sy Md Josefa hoe : Aza matahotra ry Maria fa sitrak'Andriamanitra ianao, aza matahotra ry Md Josefa fa sitrak'Andriamanitra ianao, Aza matahotra .....

Enga anie ho feno ny Fanahy Masina isika ka na inona na inona hiseho amin'ny fiainantsika dia tsy hatahotra isika amin'izao famakivakiantsika ny taona vaovao izao fa ho feno fiadanana sy fandriam-pahalemana amin'ny ataontsika rehetra. Hitoetra ao amintsika tokoa anie i Jesoa ka hamokatra be isika tahaka an'i Masina Maria izay nanaiky nitoeran'i Jesoa, izany no maha Renin'Andriamanitra azy. Ny konsily tany Efezy 431 no nanambara izany teny finoana izany, izany hoe nambara tamin'ny Konsily tany Efezy fa sady tena Andriamanitra no tena olombelona I Jesoa ka noho izany dia I Maria Renin'I Jesoa Andriamanitra dia Renin'Andriamanitra. Tsara azavaina amintsika fohifohy momba ny finoana. Raha amin'ny ankapobeny raha tena tsorina dia miseho amin'ny endrika telo ny finoana endrika mifaningotra anefa na dia miseho araka ny zava-misy. Misy ny atao hoe finoana inoana, ilay eo amin'ny fiekem-pinoana mety miseho voalohany nefa tara be. Eto izao efa nekena no maha sady Andriamanitra no maha olombelona nefa taty aoriana rehefa vita ny konsily tany Efezy vao natao teny finoana na dogma izany hoe efa finoana niaina ary izao indray izy vao nankalazaina izany hoe efa elabe taty aoriana fa nomena andro fankalazana ka zary finoana ankalazaina izany hoe efa vita konsily Vatikana faharoa. Izany hoe matetika mila fotoana vao tena mazava tanteraka ka izany no manaporofo fa tsy tonga ho azy ny finoantsika fa nomen'Andriamanitra ny Fanahy Masina isika hanilo antsika ka ahafahantsika mahalala ny finoana. Mila fandalinana ny finoana saingy izany tsy midika fa miova sanatria ny finoana. Ny finoana tokana ary tsy miova fa ny fahatakarana azy

mifototra amin'izay finoana tokony tsy miova izay no mivoatra. Ohatra amin'izany ny fomba fiheverana ny Eglizy. Nivoatra hatrany izany ka amin'izao Eglizy Fianakaviamben'Andriamanitra. Tsy hoe foana na diso ny teo taloha fa mametraka tsaratsara kokoa mba hanampy antsika hivelona azy. Aoka hapetraka mazava fa fanomezan'Andriamanitra ny finoana ka aoka isika hitalaho izany mandrakariva. Miandry valy avy amintsika koa anefa izany ka ny fiainantsika no hanehoantsika izany valy izany.

Isika koa dia nandray ny Fanahy Masina ka tonga zanak'Andriamanitra ka izany no entintsika mamakivaky ity fiainantsika ity. Na dia olombelona milolоha lanitra mety diso aza isika dia manaiky honenan'ny Fanahy masina satria izy no manentana antsika ho feno ny fahendren'Andriamanitra. Na dia eo aza ireo zavatra mitranga dia zanak'Andriamanitra isika.

Io no ampianarin'ny vakiteny voalohany ao amin'ny Bokin'ny Fanisana : hiantso ny anarako amin'ny zanak'Israely izy ireo ary hitsodrano azy ireo aho hoy ny Tompo. Fantany ny Razantsika ny hasarobidin'ny tsodrano ka nahatonga azy nilaza fa vatsy amin'ny fiainana. Hitantsika amin'izany fa zava-dehibe ny tsodrano. Efa zavatra izy rehefa misasaka ny lalana hodiavina vao mangataka ny tsodrano. Fantatsika fa tsy amin'ny herinandro manaraka ny Papa no manolotra ny tsodrano ho an'ny vahoaky ny Roma sy izao tontolo izao.

Isika koa dia tahaka an'i Moizy sy Aarona tamin'izany fotoana izany izay nijoro teo anoloan'ny Faraona sy ny olona, nety nisalasala nefa nentanin'ny fahendren'Andriamanitra sy ny Fanahy Masina ka niantso ny anaran'ny Tompo i Moizy sy Aarona. Aoka isika hijoro vavolombelona tahaka azy ireo. Manana modely isika dia ireo Olomasina sy Olontsambatra malagasy toa an'I Victoire Rasoamanarivo toa an'i Lucien Botovasoa sady modely ireo no mpivavaka ho antsika ka aoka isika hahay hanaraotra an'izao Sinaody sy fiomanana amin'ny Kongresy Eokaristika izao hianatra ny nataon'ireo olomasina sy Olontsambatra malagasy ireo, mba hianatra ny fitiavan'izy ireo ny Eokaristia fa indrindra I Victoire sy Lucien. Aoka isika ho tahaka an'i Masina Maria Renintsika hahay hitahiry izany ao am-pontsika ao sy hahay hitondra izany amin'ny mpiara-belona. Hasehontsika amin'ny fiainantsika ny maha-Kristianina antsika, ny maha-EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA antsika..

Matoa isika tsy ao anatin'ny fiadanana andrandraintsika dia satria tsy mbola mitoetra ao amin'i Jesoa isika. Enga anie izao "départ vaovao" iarahantsika manao eo anivon'ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY vokatry ny fanaomanana ataontsika mikasika ny Kongresy Eokaristika izao hanampy antsika hanana fiainana eokaristika.

Olom-pinoana, olom-pitiavana, olom-panantenana isika ka matoky fa hiova tokoa ary manantena fa hamokatra ny fiainantsika ka hifampitsimbina, hifanasoa, hikatsaka ny soa iombonana mba hiadam-pinaritra ny fianakaviantsika eglizy kely.

Ry Jesoa zanak'Andriamanitra ô, i Masina Maria reninao sy reninay olombelona dia mahalala izay mahasoa anay sady be fitiavana anay izy, koa ampianaro izahay noho ny vavaka ataony mba hahay hampifanaraka ny fiainanay sy ny finoanay, ny fanirianay sy ny asanay ka hanatanteraka ny sitraponao sy ny fitiavanao tahaka azy anie izahay. Md Josefa Ray Mpitaiza an'I Jesoa sy Ray Mpiaro an'izao tontolo izao, maro ny Ray, ny Baba amin'ny seha-piainana rehetra, tsy mahalala marina ny

tena vôkasiony, koa ampianaro ireo izay manam-pahefana rehetra mba ho Ray tokoa, ho Baba fa mila an'izany izao andronay izao fa indrindra miatrika izao krizy mafy izao.

Mitsodrano antsika mianakavy hamakivaky an'ity taona ity, TAONA MANOKANA HO ANTSIKA SATRIA TAONAN'NY KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY KEN 2024 ka NY FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO … MPIRAY TAMPO ANAREO JIABY KA HIFAMPITSIMBINA HIFANASOA KA HIKAJY NY SOA IOMBONANA.

Homba antsika mianakavy anie ny Tompo, ho tanteraka tokoa anie izany. Hitsodrano anareo  ny Ray, ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Hitantana ny diantsika anie i Kristy. Isaorana anie Andriamanitra. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson